

NY TENY FIAINANA

"Raha tsy misy mpitondra, dia rava ny firenena; fa handry fahizay, raha maro ny mpanolo-tsaina."
Ohabolana 11:14

GLOBAL CARING MONTH 2023 à MADAGASCAR

Notontosaina teny Andohatapenaka tamin'ny sabotsy

Notontosaina teny amin'ny kianja Makis Andohatapenaka tamin'ny sabotsy 23 septambra 2023 teo ary natrehan'ny filohan'ny Tibu Africa, Mohamed Amine Zariat nivantana teny an-toerana mihitsy niaraka tamin'ny solontenan'ny orinasa Ford Fund mpanohana ofisialy ny Tibu Africa, ny PDG an'ny Materauto, Frederique Schaffner, izy masoivohon'ny orinasa Ford eto amintsika, mpanohana ofisialin'ny hetsika teto Madagasikara sy ny solontenan'ny Mjs sy solontenan'ny Ambasadin'ny Frantsa eto amintsika ary ny solontenan'ny Malagasy Rugby sy ny filoha mpanorina ny "Terre en Mèlées". Ny hetsika « Global Caring Month 2023 à Madagascar », atrikaza natao hanabeazana an'ireo ankizy ifontony amin'ny alalan'ny spaoro, ka ho antsika Malagasy dia nofidian'ny Tibu Africa mpikarakara ny taranja rugby, amin'izany anisan'ny be mpankafy



Teny amin'ny kianja Makis Andohatapenaka.

eto Madagasikara sady anatin'ny fanatanterahana ny fiadiana ny amboara eran-tany amin'ity taranja ity koa ankehitriny ny any Frantsa any. I Madagasikara no firenena faha-34 nisitraka an'ity tetikasa ity taorian'ny Maroka sy Tonizia ary

Senegal. Kilonga Malagasy nanodidina ny 100 isa avy amin'ireo klioba sy foibe fampianarana rugby 20 no nisitraka an'ity hetsika ity, ka mpanabe "encadreur" niisa 20 (avy any Toliara ny ankamaroany) nampian'ireo tsara sitrapo avy amin'ny ori-

nasa Materauto no nitarika azy ireo. Santatra am-bavarano ity natao teto Antananarivo ity, hoy i Amine Zariat, fa ny manetsabe any amin'ny Faritra hanaraka eo ihany, amin'ny fotoana mahamety azy.

Rainilita

Championnat National de Football D-2, 2023

Nifarana tamin'ny alahady ny dingana faharoa

Nifarana tamin'ny alahady 24 septambra 2023 teo, ny dingana faharoa amin'ny fifaninanana baolina kitra « Ligue des champions Malagasy - D2 Nationale 2023 », izay nahafantarana an'ireo ekipa hiatrika ny dingan'ny « Play off » amin'ity fifaninanana ity. Voka-dalao andro faha-5, alahady 24 septambra 2023. Tany Mahajanga : KFCA Diana 2 - 0 ESPOIR Betsiboka, 3FB Alaotra Mangoro 6 - 1 AS 3A Amoron'i Mania, FC ZOYA Boeny 4 - 1 TGBC Atsinanana. Tany Antsirabe : FC JSA Level Ihorombe 2 - 9 FC JM Androy, AS JFC Atsimo Andrefana 2 - 1 Jet Bongolava, FC INATE Vakinankaratra 7 - 3 GFJT Atsimo Andrefana.

Rainilita



Fifaninanana nasionaly D-2, 2023.

Alaotra Mangoro tetikasa « Pass It Back Rugby »

Notolorana mari-pankasitrahana sy fitaovana ireo mpanazatra



Fanolorana mari-pankasitrahana sy fitaovana tany Tanambe.

Raha notontosaina nanomboka tamin'ny 06 Septambra, ka hatramin'ny 09 Septambra 2023 lasa teo, ny fanofanana an'ireo 14 mianadahy ho mpanazatra "Pass it back rugby", dia notanterahina tamin'ny sabotsy 23 Septambra 2023 kosa ny lanonana fanolorana ny taratasy fanamarihana maha-mpanazatra azy ireo ary koa nanolorana fampitaovana azy ireo, hahafahany hanomboka ny asa maha-mpanazatra "Pass it back rugby" azy ireo. Marihana fa ny "Pass It Back" dia fandaharam-pianarana iray novolavolain'ny ChildFund hampianatra ny ankizy sy ny tanora ny fahaiza-miaina avy amin'ny alalan'ny fanatanjahantena, dia ny taranja rugby izany, ka tany Tanambe Alaotra Mangoro no nanombohana azy, niaraka tamin'ny fanohanana ny Malagasy Rugby.

Rainilita

Sakafo Ny Valosoa



Henomby sy haricot vert ritra indray, no laoka amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Tsara raha hasiana ro matsatso anana petsay miaraka miny. Dia mazotoa homana tompoko.

NY VALOSOAO sy Mahaso

Fanafana natoralin'ny mieroetra rehefa matory

Fanafana natoralin'ny mieroetra rehefa matory indray, no Mahaso eto amin'ny gazetinao androany. Raha toa ke mieroetra rehefa matory dia misotroa juna paoma sy karaoty ary sakamalao. Toy izao no fanavaonana azy. Tetehina madinika daholo ny sakamalao 2cm sy paoma1 ary karaoty1 dia avy eo mixer-na izany (tsy tapohana rano). Rehefa vita izay dia tatavanina ka iny ranony iny no sotroina ampiana ranom-boasari-makirana. Sotroina 1h alohan'ny hatory izy ity, atao isan'andro.



NY VALOSOAO sy Mahaliana

Ny tanànan' Ambohimilanja distrikan'i Marolambo faritra Atsinanana

Ny tanànan' Ambohimilanja distrikan'i Marolambo faritra Atsinanana indray, no Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Renivohitry ny kaominina Ambohimilanja ity tanàna ity, iray amin'ireo kaominina miisa 12 mandrafitra ny distrikan'i Marolambo. Vokatra any ny vary, ny mangahazo, ny katsaka, ny voanjo, ny tsaramaso. Ny voankazo toy ny akondro, ny soanambo, ny letchi, ny manga. Mitoka-monina ihany koa ity tanàna ity noho ny faharatsian'ny lalana any an-toerana.

